# 19 marsa 2025 - Fankalazana an'I MD JOSEFA



Ry Kristianina havana, manana ny akony manokana ity fankalazana an'I Md Josefa amin'ity taona ity satria ao anatin'ny Taon-jobily ary fantatsika averimberin'ny Papa fa Eglizy miara-dia isika ary indrindra isika eto amin'ny diosezy manatanteraka ny sinaody faha-7. Mpiaro manokana ny Eglizy Erantany izany hoe Mpiaro an'izao tontolo izao Md Josefa ka mendrika sy rariny ary mahasoa antsika raha omentsika toerana manokana izy amin'izao taon-jobily izao. Raha hiverenantsika kely ny tantara dia tamin'ny 8 desambra 1854 no nanambarana ho foto-pinoana (dogma) I Masina Maria notorontoronina tsy azon-keloka ary tamin'ny 8 desambra 1870 no nambaran'I Papa Pie faha-9 ho Ray Mpiahy sy Mpiaro ny Eglizy Eran-tany I Md Josefa. Tamin'ny Jobily fankalazana an'izay dia nanoratra taratasy fanentanana I Papa François "Patris Corde" izany hoe FON-DRAY. Ny lohateny dia manambara ny tanjona tian'I Papa ho tratrarina ary tiany ho tsapantsika. Tiako no miverina amin'io Fanentanana nataon'I Papa io satria milaza miara-mahita isika fa marary izao tontolo izao noho ity krizy maro lafy ity. Ka tena "FANDRAVANA" mihitsy satria ny fianakaviana no tena mitondra faisana.. Nanao hiaka, manao antso avo ny Papa Frantsoa ao amin'ny taratasiny "Fon-dray" fa MILA BABA, MILA RAY, MILA RAY AMAN-DRENY izao andro sarotra izao raha tiantsika ho tafavoaka isika. I Md Josefa àry no raisintsika hiara-dalana amintsika amin'izao taon-jobily izao, amin'izao fiatrehantsika ny Sinaody faha-7 fijanonana faha-3. Andeha hiaraka hibanjina an'I Md Josefa isika fa indrindra amin'izao vanimpotoan'ny karemy rahateo izao.

Niara-nanomboka ny vaninandron'ny karemy isika tamin'ny voalohan'ny volana marsa izay volana natokana ho an'i Md Josefa. Karemy izay ADY sady DIA mankany amin'ny Paka.

ADY amin'ny ratsy izay mandrendrika antsika ary DIA tsy mora fa sarotra ihany koa mankany amin'ny Paka, fandalovana hidirantsika amin'ny tena fiainana, fiainan'ny zanak'Andriamanitra, ka i Jesoa nitsangan-ko velona no famantarana ho antsika sy hivelomantsika an'izany fiainana maha-zanak'Andriamanitra izany. Raha miara-maty amin'i Kristy amin'ny fahotana isika dia hiara-hitsangana Aminy koa amin'ny Paka.

Amin'ity volana marsa famakivakiana ny karemy ity dia noraisintsika i Md Josefa ho modely sy mpivavaka hivelomana an'izany ADY SY DIA izany satria azo lazaina fa i Md Josefa dia niatrika an'izany tamin'ny tantaram-pamonjena amin'ny misterin'ny fahatongavana ho nofo. Ny prefasy androany dia milaza an'i Md Josefa ho lehilahy marina sy tia vavaka. Ireo toetra fototra hita ao amin'I Md Josefa no noraisin'I Papa ao amin'ny taratasiny ankoatr'ireo toetra hafa nasongadiny toy ny lehilahy tia fahanginana, tsy be resaka, ray tia ny fianakaviany ka nahafoy tena ho an'ny fianakaviana, ray niasa namelona sy nanabe ny fianakaviany sns… Tsy afaka hiditra amin'ny antsipiriany isika eto ka noho izany manasa antsika hamaky io hafatr'I Papa io izay tsy lava fa feno sy mafonja kosa.

Haka toetra vitsivitsy amin'izao fankalazana izao isika hobanjinintsika sy hianarantsika amin'izao famakivakiana ny karemy izao, amin'izao taon-jobily izao ka hahatonga antsika ho Mpivahinin'ny Fanantenana mpamafy hafaliana, fiadanana, fihavanana sady kristianina no malagasy.

Tsy inona izany fa ny fiezahana hivelona ny marina ao anatin'ny fiainana feno fivavahana. Nisy fotoana efa nandraisan'ny sekoly katolika eto Madagasikara lohahevitra manokana: Ny *manao ny marina no hendry ary ny marina no maha-olona afaka antsika*. Raha io tarigetran'ny sekoly katolika io no jerena ary araka ny hafatry ny Eveka matetika, tsy hoe ny olomanga no tsy misy eto amin'ny Nosintsika, na ny manam-pahaizana na ny manan-karena na ny mpanao politika no tsy misy eto amintsika. Manana ireo isika ary maro isan-karazany aza ka mahavelo-pisaorana an'Andriamanitra izany saingy indrisy mipetraka ny fanontaniana : *maninona isika no mbola tsy afaka mandroso, maninona isika no mbola anaty adim-piainana isan-karazany, mbola ao anatin'ny fahoriana, maninona isika no tsy afaka miala amin'izany fahoriana izany, ary indrisy miampy ny krizy marolafy izao dia tena latsaka ambany dia ambany. Araky ny re dia voalohany amin'ny farany aorian'ny Nosy Comores sy Somalie ?* Tsy tany nisy ady anefa ary raha filazan'ny mpikaroka amin'ny lafin'ny maro dia Nosy Manankarena isika na ambanin'ny tany na tany azo velona na an-dranomasina… Inona àry no mahatonga izay fahantrana be izao? Samy mahatsapa ny rehetra fa ny fahamarinana no tsy ampy eto Madagasikara, ny tsy fahamarinana no fototr'aretina mikiky an'i Madagasikara…. Raha ny marina kokoa mahantra olona mivelona an'izay Fahamarinana izay, izany hoe MAHANTRA OLO MARINA I MADAGASIKARA. Koa raha te-handroso isika satria misy an'ireo olomanga, olona manam-pahaizana, olona manan-karena, ny harena rahateo misy dia velomy ao amintsika izany fahamarinana izany dia hanana olon-kendry isika. Olon-kendry tokoa no tsy ampy eto amin'ny firenentsika. Raha tadidintsika tsara dia tsy vola aman-karena no nangatahin'I Salomona

tamin’Andriamanitra fa FAHENDRENA ka araka io lohahevitra nomena fampianarana katolika io dia IZAY MANAO NY MARINA NO HENDRY… Raha azontsika dia mila volena io toetra io, io fitondran-tena io ka izany indrindra no anolorana antsika an’i Md Josefa ho modely sy Mpivavaka amin’izao taon-jobily izao hiara-dalana amintsika. Ndao jerentsika….

Mafy ny nanjo an’i Josefa. Tratry ny fakam-panahy izy. Impiry isika tratry ny fakam-panahy ary izay no mahatonga antsika milaza hoe “hanao lainga masina”. Tsy misy izany “lainga masina” izany. Ratsy avokoa ny lainga sy ny fitapitaka ary ny risoriso. Ary tsy misy lehibe na kely fa ratsy jiaby… Izany no mahatonga antsika milaza fa mitaky safidy ny fiainana ary io safidy vokatry ny fiovam-penitra mahery vaika io no miteraka ADY SADY DIA miatrika izao Krizy marolafy izao ary ireo indrindra no jerentsika sy dinihintsika amin’izao fijanonana faha-3 mikasika ny fiaraha-monina misy antsika izao. Ny vanimpotoana Karemy izao hanampy antsika hiditra lalindalina kokoa. Raisintsika àry i Md Josefa ho modely satria NISAFIDY izy hanao ny sitrapon’Andriamanitra na dia mafy sy tsy fantany aza ny mety ho vokatr’izany satria OLOM-PINOANA izy ary OLOM-PANANTENANA tahaka an’I Abrahama razambeny. Aoka ho modely ho antsika I Md Josefa fa indrindra isika RAY, BABA, RAIAMANDRENY. Mila izany ny firenena, ny fianakaviana, ny communauté, ny eglizy, ny fiaraha-monina sns….

Fantantsika fa nisedra zavatra maro i Md Josefa kanefa nitoetra tao anatin'ny fahamarinana ary izany no anton’ny nifidianan'Andriamanitra azy ka niantsoan'Andriamanitra azy ho ray mpitaiza an'i Jesoa. I Md Josefa no nikolokolo ny zanak'Andriamanitra, izy no nanome ny anaran'ny zanak'Andriamanitra, nataony hoe Jesoa no anarany tahaka an'i Zakaria rehefa nanontaniana hoe : *iza no anarana omena ny zanakao* ? dia nomeny ny anarana hoe Joany, toy izay koa ny maha Ray an'i Josefa dia mba nanome anarana koa izy.

Izany no hafatra ho antsika, aoka isika ho Ray aman-dReny hanome anarana mendrika ny zanatsika mba hivelomany an'izany anarana izany ka hahatonga azy ho olo-mendrika. Tsy ny anarana no tiana ambara eto, fa matoa i Josefa nanome anarana hoe Jesoa dia satria fantany ny làlana tsy maintsy hizoran'i Jesoa ka aoka izany ho fampianarana ho antsika amin'ireo zanatsika izay taizaintsika sy beazintsika, tezao ao anaty fahamarinana sy ao anatin'ny fitiavam-bavaka izy dia ho lasa olom-banona.

Nikarakara an'io fianakaviana masina io i Josefa ary fantatsika fa ny Eglizy dia nanome hasina manokana azy ary izany no ankalazaintsika azy ho Ray mpitaiza sy mpamelona ny zanak'Andriamanitra. Mpandrafitra izy ka namelona ny fianakaviana masina tamin'ny alalan'ny asa. Fampianarana velona ho antsika koa izany amin'izao ADY SY DIA amin'ny karemy izao. Ny asa no anisan'ny maha-olona antsika ka aoka isika hanatanteraka tsara ny asa tandrify antsika. Aza variana amin'ireny rendrarendra isan-karazany ireny isika, misy aza ny olona amin'ny ora fiasana dia lany fotoana amin'ny zavatra hafa, variana amin’ny fihinanana katy ka tsy tanteraka araka ny tokony ho izy ny asa. Aoka àry isika hiady amin'ny hakamoana, amin'ny zava-mahadomelina izay manapotika ny asa izay tsy mendrika ny maha zanak'Andriamanitra antsika.

Mpiaro ny zanak'Andriamanitra i Josefa, feno ahiahy izy hatramin'ny voalohany, *inona ny hatao fa ho afa-baraka I Maria izay tiako hampakarina*, tsy nitady hanameloka an'I Maria izy fa nitady hametraka azy mangingina na dia efa fofombadiny aza.

Torak'izany koa tamin'ny fotoanan'i Heroda, nandeha tany Ejipta izy mba hitondra ny zaza tsy ho voavonon' I Heroda. Koa mahaiza koa isika mahay mandray ireo mitsoa-ponenana sy ireo vahiny fa hanampy antsika ihany koa izany tahaka ny nataon'i Md Josefa.

Mila fahasahiana izao androntsika izao hivelomana ny safidy efa nataontsika ary izany no ahafahantsika mijoro ho tena vavalombelona. Modely ho antsika I Md Josefa na dia tsy be teny aza.

Mahavariana io toetra anakiray io ka tsara asongadina. Matetika amin'izao andro izao be resaka isika ka manimba zavatra maro. Tsy mahatam-bava ka mitakoritsika etsy sy eroa ary indrisy miteniteny foana na lehibe na kely mifagnasaha. Fantatsika fa mandrava zavatra maro ireny. Anisan'izany koa ny telefonina. Ilaina nefa tena manapotika satria tsy misy limite intsony. Hendry Md Josefa ka tsy be teny. Izay mangina volamena, hoy ny razana. Modely ho antsika I Md Josefa eto. Samia mandinika isika satria isika ihany no mety potika vokatry ny tsy fahaizantsika mangina.

Olona tia vavaka koa i Md Josefa, nokolokoloiny ary nampianarany tao anatin'ny fivavahana ny Fianakaviana masina. Nandeha matetika tany Jerosalema nanao fivahiniana masina izy ireo, tany aza i Jesoa no tafajanona niresaka tamin'ireo mpahay lalàna ka nanaovany hoe *"Ato amiko ny fanahin'ny Tompo, hirahina aho hitory vaovao mahafaly".* Izany rehetra izany dia vokatry ny fanabeazana nataon'i Josefa ny fianakaviana masina.

Aoka isika amin'izao karemy izao hanabe ny zanantsika ao anatin'ny fivavahana, fa ao no hanovozana ny fanahin'Andriamanitra. Hikolokolo sy hanabe azy ireo ao anatin'ny tena fahendrena sy fahamarinana ary fitiavam-bavaka. Fantantsika koa fa noho izay maha-Ray mpitaiza an'i Josefa izay ary amin'ny maha-mpandrafitra azy dia nanome hasina ny asa izy ka izay no mahatonga azy ho mpiaro ny mpiasa rehetra.

Misaotra Anao izahay ry Jesoa noho nifidiananao an'i Md Josefa ho Ray mpitaiza Anao ka amin'izao fotoana ankalazana manokana an'i Md Josefa izao dia mivavaka ho an'ny Raim-pianakaviana rehetra izahay mba haka tahaka an'i Md Josefa, ho modely tokoa ary hivavaka ihany koa ho anay tsirairay mba ho olomarina sy tia vavaka.

Mahatsiaro manokana an'ireo mpitondra fanjakana izahay satria iray ihany koa ny mpitondra, ny Ray aman-dreny, ka enga anie hanana ny toe-panahin'i Md Josefa izy ireo ho olona marina, ho eo anivon'izy ireo anie ny vavaka sy ny fitiavana ary fahatahorana an'Andriamanitra.

Md Josefa, ampio izahay amin'izao ADY SADY DIA mitondra anay amin'ny Paka izao ka ny vavakao anie, Md Josefa, hanova ny fonay. Ho fo vaovao anie no entinay mankalaza ny Paka ka hiaraka hitsangana amin'i Kristy tokoa izahay dia ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA

HANORINA ETA, HO MPIVAHININ’NY FANANTENANA HAMAFY HAFALIANA SY FIADANANA ARY FIHAVANANA HANORINA INDRAY NY TRANOBE IOMBONANA ROBAKA MILA HO RAVA, MARARY. Enga anie Ianao ry Jesoa ho ivon'ny fiainanay ka hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro tahaka an'i Md Josefa izahay, io no lalana hitondra anay any amin'ny fiadanana marina sy fanasitranana marina. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson